TORO-LALANA AMIN'NY FAMENOANA NY TABILAO FIZOHINA NY FIDIRAN-KETRA SY HABA

Antony nanaovana ny fitaovana tabilao fizohiana ny fidiran-ketra sy haba:

Ity fitaovana ity dia entina:

- Hanomezam-baovao ny olompirenena mikasika ny fidiran-ketra sy haba
- Hampiharana ny mangarahara amin'ny fampidiran-ketra sy haba
- Hampahafantarana ny olompirenena ny vola miditra amin'ny hetra sy ny haba samihafa
- Hisintonana ny sain'ny olompirenena hanjohy ny ezaka atao aminny fampidiran-ketra sy haba
- Hanaraina ny sain'ny olompirenena amin'ireo hetra sy haba tsy tafiditra (mety hanaitra ny olompirenena ihany ny mahita ny karazan-ketra na haba sasany ambany be no tafiditra)
- Handrefesana ny ezaka vita sy ny tokony hatao amin'ny fampidiran-ketra sy haba

Iza no mameno ny tabilao fizohiana ny fidiran-ketra sy haba?

- Ny mpitam-bolan'ny kaominina no mameno azy.
- Isam-bolana no famenoana ny tabilao isaky ny hetra sy ny karazan-ketra
- Havaozina isam-bolana ihany koa ny fitambarana isaky ny karazan-ketra sy ny haba
- Manao tatitra ny zava-misy ankapobeany aminny Benny tanana sy ny ekipa mikasika ny fidiran-ketra sy haba ary mandinika ny fanatsarana tokony atao.

Ahoana ny famenoana ny tabilao fizohiana ny fidiran-ketra sy haba?

— *Eo amin'ny tsanganana karazan-ketra sy haba:*

Ireo karazan-ketra sy haba tena manan-danja sy mety mampidi-bola ny kaominina no alahatra eo. Mety hahatratra folo izany na mihoatra

Karazan-ketra:

- Hetra tany:
- Hetra trano
- Hetra tambatra
- ...

Karazana haba:

- Habantsena
- Ristorina
- Haba alaina amin'ny lanonana
- ...

— ***Eo amin'ny tsanganana vokatra azo :***

Dia ireo vola miditra isambolana isaky ny karazan-ketra na haba no apetraka eo.

— ***Eo amin'ny tsanganana Fitambarany:***

Fitambaran'ireo vola azo isam-bolana mandritra ny roa ambin'ny folo volana na taona iray isaky ny karazan-ketra no apetraka eo. Izany ny totalin'ny vola tafiditra isaky ny karazan-ketra sy haba nandritra ny taona iray.

— ***Eo amin'ny tsanganana Vinavina :***

Ny vinavina isaky ny karazan-ketra tany ampian-dohana ka noraiketina ao anaty teti-bola kaominaly no soratana eo amin'io tsanganana io.

— ***Eo amin'ny tsanganana farany Elanelana eo amin'ny vinavina sy ny vola tafiditra :***

Mba ahafahana mahita ny fahombiazana sy ny ezaka mbola tokony atao dia ampifanesorana ny vinavina sy ny vola tafiditra isak'ireo karazan-ketra. Eo no ahitana ny fahombiazana tamin'ny hetsika fanatsarana sy fanetsehana ny loharanom-bola kaominaly. Io ihany koa no ahitana ny ezaka mbola tokony atao raha toa ka latsaka be na misy elanelany be ny vinavina sy ny tafiditra.

Inona avy ireo tombony amin'ny fampiasan'ny kaominina ny tabilao fizohiana ny fidiran-ketra sy haba?

- Ahafahana mandrefy isam-bolana ny ezaka vita sy ny mbola miandry (Vinavina isaky ny karazan-ketra sy haba anesorana fitambarana isaky ny hetra sy haba tafiditra)
- Manamora ny fanitsiana tokony atao eny am-panatanterahana mikasika ny fampidiran-ketra sy haba. Tokony hanaitra ny tomponandraikitra foana ny vola miditra isam-bolana ka ambany, ary maniraka azy hieritreritra sy hikaroka vahaolana hampiakarana izany.
- Ahafahana manova paikady eny am-panatanterahana ny fampiran-ketra raha hita fa tsy miakatra araka ny vinavina ny hetra sy haba tafiditra.
- Enti-mampihatra ny mangaraharaha sy tamberiandraikitra amin'ireo olompirenena
- Ahafahana misarika ny olompirenena hiady hevitra sy hanolotra soson-kevitra amin'ny fampidiran-ketra sy haba
- Mampiseho ny fangaraharan'ny fitantanana eo anivon'ny kaominina